Fiainam-pirenena

## Toa mbola «Protectorat» Frantsay i Madagasikara 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 1 oktobra 2019 Laharana 960 Vidiny : 400 Ar


Prophecies and revelations to the World (GV 153), 5


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Fanendrena governora 3

# Fanolanana ny lalampanorenana



Lalam-pirenena faha-2 (RN2) 7

# Miha-simba tsy misy fanamboarana



RINA RANDRIAMASINORO 2

## Nanao fanambarana ho an'ny mponin' Antananarivo



Fihaonamben'ny diakona Loterana 5

## Lasibatry ny halabotry ireo mpizaika

Polisy Nasionaly sy Monisipalin'ny CUA 4

## Mandrindra ny fifamoivoizana ho fitsinjovana ireo mpanala bacc

Madagasikara-Etazonia 2


## Notolorana mari-boninahitra ny commandant Amerikana Cook

Daka kely

Mananontanina ny kere fa totofanareo ny tanimbary ry Boaikely a !

Mpanakanto Rivera 6

## Anisan'ny malaza indrindra atsy Mayotte



KANDIDÀ RINA N°02 ANTANANARIVO

# Nanome fanampiana ireo zaza kamboty ao amin'ny Topaza Ambohipotsy

Tonga nanolotra fanomezana sy fanampiana ho an'ireo zaza kamboty tao amin'ny Topaza Ambohipotsy i Rina Randriamasinoro, kandida ho ben'ny tanànan'Antananarivo renivohitra, ny faran'ny herinandro teo.Fifaliana sy horakoraka no nandraisan'ireo ankizy azy ary hita soritra teny amin'ny endrik'ity kandida ity ny fifaliana te hanampy ny mpiara-belona aminy. Tanora sy zaza kamboty, miisa 41, manomboka amin'ny 2 taona sy tapany hatramin'ny 23 taona no nisitraka ny fanampiana nentin'ny kandida ho ben' ny Tanànan'Antananarivo mitondra ny laharana faharoa, Rina Randriamasinoro, tetsy amin'ny Toeram-Pamonjena Zaza, na Topaza, tetsy Ambohipotsy. Vary amin'ny gony, menaka amin'ny tavoahangy maro, simenitra 10 lasaka, no natolotr'i Rina ho an' ity toeram-pitazaina zaza kamboty ity. Tsy nohadinoiny ny nitondra ody ambavafo, nozaraina mivantana tamin'ireo ankizy mba ho fanampintsakafo ho azy ireo, indrindra mandritra izao fotoam-pialan-tsasatra izao. Tamin-kafaliana sy tampitiavana no nandraisan' izy ireo ireto fanomezana ireto ary hita tokoa ny fahavononan'ny kandida hanampy ny manodidina azy, izay natombony tamin'ireo madinika teny Ambohipotsy. Raha tsiahivina ny tantara dia tany amin'ny taona 1945 no efa nitsangana ny Topaza, izay naorin'ireo misionera frantsay nandalo teto amintsika. Mbola foibe ho an'ny fanampin-tsakafo, na centre de récuperation nutritionnelle izy tamin' izany. Nomen'izy ireo ho asa sosialin'ny foibe FJKM kosa izany rehefa lasa izy ireo ny taona 1970, ka zary lasa foibe fitaizana zaza kamboty, na centre d'orphelinat. Zaza kamboty ray sy reny, na narian'ireo ray aman-dreniny, ka latsaky ny 5 taona no raisin'ny Topaza, ary ny manam-pahefana miandraikitra ny zaza tsy ampy taona, na ny police des mœurs no manatitra azy ireo eny, miaraka amin'ny taratasy fahazoan-dalana mazava.

*Isambilo*



*Kandidà Rina, nanome fanampiana ny Topaza teny Ambohipotsy.*

Rina Randriamasinoro

# Nanao fanambarana ho an'ny mponin'Antananarivo

*2 volana mialohan'ny fifidianana ben'ny tanàna, sy mpanolotsainan'ny kaominina eto amintsika, ny 27 novambra ho avy izao, misy ny fanambarana ho an'ny mponin'Antananarivo, avy amin'ny kandidà Rina Randriamasinoro N°02, avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM):*

Faly Miarahaba antsika indray.

Fanamby lehibe no iantsorohako nanaiky nilatsaka hofidiana, hitondra an' izany tanànan' Antananarivo izany .

Tsy mora fa ny fiarahantsika mandray andraikitra no anisan' ny vahaolana hampandroso.

Ny tetik' asa izay apetrako dia iarahantsika manantanteraka ary tsy misakana anareo hanome hevitra ihany koa. Malalaka ny adi-hevitra ary ataontsika mangarahara.

Efa mitsangana ihany koa ny Komity Mpanohana ny filatsahako ho ben' ny Tanàna, ary antsoina isika rehetra izay vonona hiarahiasa ary dia raisina antanan-droa ianareo.

Tiantsika Iarivo, Tiantsika Tana.

Tianao iarivo, Tianao Tana.

Tiako Iarivo , Tiako Tana.

Andraikitsika, Andraikitrao, andraikitro Antananarivo.

Manantena ny fiaraha-Miasa

Ny Rina

*Nangonin'Isambilo*



*Rina Randriamasinoro, kandidà N°02 amin'ny fifidianana ben'ny tanàna eto Antananarivo Renivohitra.*

Fiainam-pirenena

# Toa mbola Protectorat Frantsay i Madagasikara

Nisy ny fifanandrianana teo amin'ny tafika frantsay sy ny tafika malagasy tamin'ny volana Septambra 1895 tany amin'ny faritra andrefan'ny nosy ; resy tosika ny tafika malagasy, ka lasan'ny frantsay ny tanànan'i Mahajanga ; tsy afa-po tamin'izany ny frantsay satria mbola tsy azo Antananarivo ; ka tapa-kevitra izy ireo fa hanafika aty afovoantany.

Ny 29 Septambra1895 no tafakatra teto Antananarivo ny tafika frantsay, ka teny Ambatobe no toeram-pamaharany nametrahana ny tetikady. Ny ampitso 30 Septambra 1895 dia niakatra teny Andrainarivo ry zareo niaraka tamin'ny tafondro namely ny Rovan'Antananarivo tamin'ny tifitra variraraka , tsy nahasehaka izany ny tao Anatirova, ka nampanangana saina fotsy ho marikin'ny fanekena fa resy. Ny ampitson'io ny 1 Oktobra1895, 124 taona lasa izay dia nosoniavina ny taratasy nanambara ny nahatany ambany fiahian'ny frantsay an'i Madagasikara na" Protectorat frantsay" ; izay midika hoe tsy manana fahefana intsony ny Mpanjakavavy Ranavalona fahatelo fa mpandova fiandrianana sisa , ny Praiministra Rainilaiarivony dia nosoloana an'i Rainitsimbazafy , niala tao Andafiavaratra ary nafindra teny Tsarasaotra , ny Jeneraly Duchesne mpitaritafika no tompon'ny fahefana, ka" Resident General " ny laharany , azy ny fahefana faratampony , izy aza dia nahavita nibaiko ny Mpanjakavavy nanao kabary niteny hoe frantsay aho.

Marihina fa ny protectorat dia dingana mialoha ny nahazanatany tanteraka antsika , herintaona taty aorian'io ny 06 Aogositra 1896.

Ho an'ny frantsay dia mitohy hatrany ny tantara fa tsy mijanona ary misy ny fifandraisany amin'ny tranga tany aloha ny seho aty aoriana, raha tsiahivina dia teny Ambatobe no toeram-pamaharan'ny tafika frantsay talohan'ny nanafihana an' Anatirova, dia teny Ambatobe no naorina ny Lycee francais foiben'ny fanjanahantsaina ho an'ny zanaka Malagasy ary teny Ambatobe koa no toerana nivorian'ireo nanao ny herisetra fanonganam-panajakana tamin'ny taona 2009, teny Andrainarivo no niainga ny tifi-tafondro namely ny Rovan' Antananarivo, dia teo amin'io toerana io no napetrakin'ny mpitondra tamin'ny repoblika faharoa ny nantsoina hoe" fasan'ny maherifo" mba hanadinoina ny tantara ary tsy takona afenina ankehitriny fa taorian'ny taona 2009 dia mibaribary fa mbola protectorat frantsay isika; satria ny mpitondra nifandimby taorian'ny fanonganam-panjakana dia saribakolin'i Lafrantsa, Ramatoa Ambasadaoro frantsay teo aloha Veronique Vouland Aneini aza moa tsy tahotra tsy henatra dia sahy nanambara fa an'ny frantsay ireo nosy manodidina antsika, izay efa nambaran'ny Firenena Mikambana fa antsika Malagasy tamin'ny 12 Desambra 1979.

*Ny Valosoa*

## Ny Valosoa sy fakafaka

## Mbola an-tsirambina ny fanomezan-kasina ny zokiolona

Tsy mbola ampy ny fitsinjovana ireo zokiolona raha ny eto amintsika no resahina. Iray lehibe amin'izany ny amin'ny fandaminana ny fandraisan'izy ireo ny vola fisotroan-drononony isam-bolana, na ny isantelovolana. Raiamandreny ireny, ary lafiny soatoavina maha Malagasy, dia fanàja azy ireny. Tato anatin'ny taona maromaro farany, dia niaraha-nahita aloha ny fikorosofahan'ny fahalalam-pomba sy ny fanajàna olon-dehibe. Nifandraika tamin'ny lafiny politika teto no nahatonga izany. Ireo mpitondra nifandimby tao anatin'izany ihany koa, dia tsy nisy fiezahana ny hamerina ny hasin'izany soatoavina very izany, fa zavatra hafa no nahamaika azy sy nifotorany. Hany ka natao an-tsirambina ny momba ireo zokiolona. Iaraha-mahita izany eny amin'izay fandraisana fisotroan-dronono izay, eny amin'ny sehatry ny fitaterana, eny amin'ireo servisim-panjakana isan-karazany, eny amin'ny sehatra samihafa eto amin'ny firenena sy anivom-piarahamonina, sns…

Ny hita matetika, raha tsy ny fikambanana misy ireo zokiolona no manao hetsika samihafa, dia "taraiky" izy ireo. Tsy programan'asan'ny fitondrana mihitsy, ary tsy nahenoina feo ny amin'izany ny amin'izay mety ho ministera miandraikitra, ny fanatsarana ny sosialin'izy ireo. Ny eny amin'ny Cnaps, mety mitombo ny vola fandraisany, kanefa tsy mahavita ny fiainany firy izany. Iaraha-mahita rahateo ny fidangan'ny vidim-piainana, ny vidim-panafody sy ny halafon'ny fitsaboana eto amintsika ankehitriny. Nisy ny karatra maitso nataon'ny fitondrana tany aloha tany, nefa zary lasa tantara sisa izy ireny amin'izao fotoana izao. Tsy manana vahaolana ho amin'izany ihany koa ny fitondrana ankehitriny. Toy ny mitsipadoha laka-nitana ihany ny taranaka ankehitriny raha tsy miezaka manatsara ny fitsinjovana azy ireo. Tsy mahavita ny andraikiny ihany koa ny ministera misahana ny kolontsaina raha tsy mahatafaverina ny hasina fanajana ny zokiolona. Marihina, fa andro iraisam-pirenena hanamarihana ny andron'ny zokiolona ity andro talata 01 Oktobra ity.

*Aris*

Madagasikara-Etazonia

# Nahazo mari-boninahitra ny commandant Amerikana Mac Cook

Ho mariky ny fiaraha-miasa ara-miaramila eo amin'ny fanjakana Malagasy sy i Etazonia, sy ho fanehoana ny fahafaham-po tamin'ny asa vitany teo anivon'ny Tafika Malagasy nandritra ny fivahinianany teto Madagasikara, dia notoloran'ny Minisitry ny fiarovampirenena ny Jeneraly Richard Rakotonirina, mari-boninahitra ny "Commandant" Christopher Mc Cook. Izao lanonana izao dia natrehan'ny Lehiben'ny Etamajaoro jeneralin'ny Tafika Malagasy, ny Komandin'ny Zandarimariam-pirenena, ny Sekretera Jeneraly miadidy ny zandarimariam-pirenena, ny Ambasadaoron'ny Etazonia Michael Pelletier ary ireo tompon'andraikitra ambony eo anivon'ny tafika Malagasy. Nandritra ity fanolorana mariboninahitra ity dia nanolotra ny fisaorana ny fanjakana Amerikanina ny Minisitra nandritra ny lahateny nataony. Fisaorana tamin'ny fiaraha-miasa efa nisy sy ny mbola ho avy teo amin'ny roa tonta ary indrindra ny fanampiana teo amin'ny lafiny maro samy hafa amin'ny fandriampahalemana an-dranomasina no nasongadiny tamin'izany.

*Isambilo*



*Ny fanolorana mari-boninahitra ny commandant Mc Cook.*

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fanendrena governora, fanolanana ny lalampanorenana

Miharihary, fa fanaon'ny fitondrana Rajoelina rehefa miakatra ny hafanan'ny feo amin'ny fanoherana ny politika tiany atao, na efa ampiharhiny, dia mikaroka toerana andehanana na sehatra iray ivelan'ny lapa izy no mamaly azy ireny. Anisan'izany ny momba ny governora izay nanaovana fanendrena tamin'ny herinandro lasa ary niteraka resabe tokoa teto amin'ny firenena indrindra teo amin'ireo mpandinika sy mpanara-maso ny fandehan'ny fiainam-pirenena. Ny ankamaroan'ny mpanao politika dia samy milaza fa fanitsakitsahana ny lalampanorenana, na fanolanana ny lalampanorenana mihitsy izao nataon'ny fitondrana izao tamin'ny fanendrena governoram-paritra ireny. Niezaka niaro tena ny filohan'ny repoblika, ary notsindriany fa vonjimaika ihany ny fanendrena azy ireo na ny anarany. Ho an'ny mpahay lalàna anefa dia tsy mifanaraka amin'ny lalampanorenana io fanendrena governora io ary tena fanolanana ny lalampanorenana mihitsy araka ny efa voalaza teo. Adihevitra mbola mitohy ny amin'io ny fahitana ny raharaha na dia niaraha-naheno aza ny fiarovan-tenan'ny fitondrana.

Ankoatra ny zoro hafa mahabe adihevitra sy resabe eny anivom-piaraha-monina eny momba izany, dia mahasavolaina ihany indrindra ho an'ny olompirenena tia tanindrazana marina, raha mitodika na mahatsiaro ny tantara, ny mandre io anarana « governora » io. Vao miresaka izany, dia mby ao – tsaina ny fanjanahantany izay vao ny anarana fotsiny fa tsy ilay olona akory aza, dia famoretana no ambadik'izany. « Ragôva », anarana fanindriana ny vahoaka hanaiky ba fahatany na dia tsy eken'ny sainy akory aza ; fanaovana tian-kano tsy tian-kano sy didiko mpifehy lehibe izany. Namela dindo ratsy teo amin'ny tantaran'ny firenena izany « Ragôva » izany raha fintinina. Mbola nanampy trotraka ny naharatsy laza ny anarana nasalotra olom-panjakana voatendry io, ny tamin'ny taona nandalovan'ny firenena tao anaty krizy politika lalina ihany koa tany amin'ny taona 2002. Ireo olona nosalorana ny anarana governora mantsy, dia nanao izay niarovana ny fitondrana nanendry azy, ka nanao ny tsy fanao. Anisan'ny ny endrika fampisaraham-bazana ny samy Malagasy tamin'izany fotoana izany izay tena fahotana mahafaty sy azo lazaina ho "haute trahison" atao amin'ny firenena mihitsy. Fampiraisan-kina ny vahoaka no tokony hataon'ny olom-panjakana voatendry raha tena hijery tombontsoam-bahoaka sy hanasoa sy hampandroso marina ity firenena mahantra ity. Raha hanarina ny firenena sy hanala azy ao anaty fatotra sy geja, sy hanasoa ny vahoaka tsy ankanavaka ary hiezaka ny hampiray hina azy dia mila fantenana ihany ny anarana asalotra ny olom-panjakana ary mila mahay ny tantaran'ny firenena amin'ny antsipiriany izay rehetra tomponandraiki-panjakana, fa tsy anaonao foana toy izao natao izao, satria samihafa mihitsy izany hoe governoram-paritra sy lehiben'ny faritra izany, efa nambarantsika teo amin'ity gazety ity, fa ny hoe Rakoto, hafa ny Razefa, fa tsy teren-kitovy fotsiny toy izao ataon'ny fitondrana Rajoelina izao.

**Sôh'son**



## NY TENY FIAINANA

*I Korintiana 1:17*

*Fa Kristy tsy naniraka ahy hanao batisa, fa hitory ny filazantsara, tsy tamin'ny teny fahendrena, fandrao ho foana ny hazo fijalian'i Kristy.*

Fifidianana kaominaly

# Ny antoko Tim no "Favori" ao amin'ny kaominina Ivato

Fanolorana amin'ny fomba ofisialy ny kandida Randrianarisoa Penjy ho ben'ny tanànan'ny Kaominina Ivato, Distrikan'Ambohidratrimo, no natao ny alahady teo, tetsy amin'ny Q.G ny antoko Tim Ivato. Lanonana nokarakarain'ny K.M.P (Komity Mpanohana an'i Penjy), niaraka amin'ireo fikambanana maro samihafa avy eny Ivato sy ny vahoaka eny an-toerana. Ny fampahafantarana sy ny fampahatsiahivana ny mponina eny Ivato, ireo zava-bitan'ny Ben'ny tanàna Randrianarisoa Penjy nandritra ny 4 taona nitantanany ny Kaominina no nisongadina. Nilaza ny kandida Penjy nandritra ny lahateniny fa anjaran'ny olona no mijery ireo zava-bita toy ny fanamboaran-dalana mirefy 14 km, ny fahavitan'ny EPP miisa 2 ahitana efitra 6 avy, ny fananganana tranompokonolona, ny Csb II, ny fametrahana andrin-jiro, ny famitana ny tsenan'Ivato , ny fanadiovana ny tanàna sy ny fitsinjovana ny sosialin' ny mpiasan'ny kaominina sy ny be antitra, manginy fotsiny ireo fanampiana ny mpianatra sy ny fampandrosoana ny tontolon'ny tanora. Nanohy nanazava ity kandidan'ny antoko Tim eny amin'ny Kaominina Ivato ity, fa hiezaka hifanome tanana amin'ny vahoaka amin'ny fampandrosoana ny tanàna ity farany raha mbola tafaverina eo amin'ny toeran'ny Ben'ny tanàna. Nanamafy ny kandida Randrianarisoa Penjy fa tokony ho mailo ny vahoakan'Ivato manoloana ny endrikendrika sy fanaratsiana ataon'ireo mpanenjika amin'izao fifidianana Ben'ny tanàna izao ary tsy ho voafatotry ny lainga afafin'ireo olona mpanaratsy ireo. Marihina fa miisa 3 ireo kandida mpifaninana ao amin'ny kaominina Ivato ary mitondra ny laharana fahatelo ny kandida Penjy Randrianarisoa avy amin'ny antoko Tim.

**Franck Razakambelo**



Ny Komity Mpanohana an'i Penjy eny Ivato.

PR HARIMALALA JOSEPH

# Tsy misy mandeha amin'ny laoniny ny raharaham-pirenena

Mitondra ny fanehoan-keviny momba ny raharaham-pirenena indray Pr Harimalala Jopseph. Tsy misy mandeha amin'ny laonina tanteraka ny raharaham-pirenena eto Madagasikara amin'izao fotoana, fa dia efa lany tokoa ny filoha ka dia manao « didiko fehy lehibe », sy ny hoe : « Izahay aloha no eto ka izay tianay no ataonay », raha ny trangan-javatra niseho hatramin'izay nipetrahany teo amin'ny fitondrana no jerena raha ny fanehoankevitry ny maro ankehitriny. Ho an'i Pr Harimalala Joseph dia ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Eksodosy 11 :1 manao hoe : « Fa i Jehovah nilaza tamin'i Mosesy hoe : mbola ahatonga loza iray koa amin'i Farao sy Egypte Aho ; ary rehefa afaka izany, dia handefa anareo hiala aty izy ; dia handroaka anareo fatratra hiala aty ». io tenin'Andriamanitra io no entiny hanokafana ny fanehoan-keviny satria dia miseho izany ankehitriny, raha tsy hilaza ny fandroahan'ny mpitondra fanjakana ankehitriny ireo olona teo ambanin'Ampamarinana, izay tsy tafaverina intsony amin'ny taniny, ny resaka tany Soamahamanina, izay nampiasan'ny fanjakana hery famoretana ihany koa, satria efa ny vahiny no homena vahana na dia mody nahodinkodina aza ny resaka. Izao indray dia io iaraha-mahalala io ny fikasan'ny fanjakana hanototra tanimbary eny Ambohitrimanjaka io, izay efa nandefasana Emmo-Reg ihany koa, sy ny fandroahana ny mpitatitra teny Ambodivona. Eo anatrehan'izany hoy ity mpandinika ity, manao antso avo ny tenany mba hananan'ny filoha fo feno fahatahorana an'Andriamanitra amin'izao tranga miseho izao, sa dia efa marina ny filazana fa saribakoly fotsiny izy fa ny mpanam-bola no mibaiko azy amin'izay tian'izy ireo itiavana azy ? Tadidio anefa ry mpitondra ankehitriny fa zava-doza anie no niandry an'i Faraonan'i Egypta nampahory ny zanak'Israely e ! Toy izao mantsy no ambaran'ny tenin'andriamanitra, araka ny voasoratra ao amin'ny Eksodosy 11 :4-7 manao hoe : « Ary hoy i Mosesy : izao no lazain'i Jehovah : rehefa tokony ho mamantonalina, Izaho hivoaka hankeo afovoan'i Egypte, dia ho faty ny lahimatoa rehetra eto amin'ny tanin'i Egypta, hatramin'ny matoan'i Farao izay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianany, ka hatramin'ny matoan'ny ankizivaviny izay eo anilan'ny fikosoham-bariny, ary ny voalohan-teraky ny biby fiompy rehetra. Ary hisy fidradradradrana mafy eran'ny tanin'ny Egyptiana rehetra, izay mbola tsy nisy toa izany, sady tsy hisy tahaka izany, kanefa tsy hisy na dia alika aza hanetsika ny lelany amin'ny zanak'Israely rehetra, na amin'ny olona, na amin'ny biby, mba ho fantatrareo ny tsy fampitovian'i Jehovah ny Egyptiana sy ny Israely. Araka izany tsy hoe fampahatahorana na fanakianana na koa fankahalana tsy akory no antony hanambarana izao, fa mba ho fampieritreretana antsika rehetra kosaa, sy ianareo mpitondra mba hahafahan-tsika mizotra amin'ny fanompoana an'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy Kristy, araka ny voasoratra ao amin'ny bokin'i Malakia 3 : 18-19 manao hoe : « Ka dia ho hitanareo indray ny tsy fitovian'ny marina sy ny meloka, dia ny manompo an'Andriamanitra sy ny manompo Azy, fa indro avy ny andro, mandoro toy ny fatana fandorana izy ; ary ny mpirehareha rehetra sy ny mpanao ratsy rehetra dia ho vodivary, ka dia handoro azy ny andro izay ho avy, hoy Jehovah tompon'ny maro, ka tsy hasiany miangana na ny fakany na ny sampany, ary hiposaka aminareo izay matahotra ny anarako ny masoandron'ny fahamarinana, manana fanasitranana ao amin'ny tanànany ary hivoaka hianareo ka hifaly havanja toy ny zanak' omby mifaly. Fehiny dia na dia eo aza izao karazana fanjanahana maoderina izao, izany hoe : ny fanjanahan'ny vahiny ny tanintsika malagasy sy ny fanjanahana ara-tsaina ihany koa ny vahoaka, izay hita taratra tamin' ireny voka-panadinana farany teo ireny, sy ny tsy firaharahian'ny fanjakana ireny mpampianatra ireny, izay izy ireo indray no omena tsiny nohon'ny fitiavan-tenan'ny mpitondra, ny tsy fahampiantsakafo eto an-toerana nohon'ny fampidirana sakafo feno vokatra simika sy lany daty hoan'ny sahirana ireny, izay fantatra mazava ny mampiditra izany eto amin-tsika, dia aoka tsy ho kivy isika malagasy fa hoy ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Hebreo 10 37-39 manao hoe : « Fa rehefa afaka kelikely dia ho tonga ilay ho avy, fa tsy hitatredretra, ary ny oloko marina dia ho velomin'ny finoany ; fa raha mihemotra izy dia tsy sitraky ny fanahiko. Fa isika tsy mba naman'izay mihemotra amin'ny fahaverezana, fa naman'ny mino ho amin' ny famonjena ny fanahy ».

**Lezama**

## TONONKALO

## Mila vonjy Ambohitrimanjaka

Mitohy ny di-dohan-drafanjakana ,
Ka indro misonga ny maripana.
Ny rano tampenana tsy hivoaka,
Ary dia miaka-pofona ny vahoaka.

Jereo , tena maina ny tanimbary.
(Mandom-baravarana ny mosary!)
Kanefa tsy rototra ny mpitondra,
Fa dia manamafy ny "lohan`ampondra"!

Tsy misy ny resaka ifampierana
Na hoe sombintsombim-pifanajana,
Fa hoe tetikasan`Ingahy Rajoelina,
Ka tsisy mahazo manelingelina !

… Tsy fantatra intsony izay hiafarana,
Fa kivy daholo ny iray tanàna.
Mandom-baravarana ity ny angano
Fa mihatra aman`aina ny fahirano !

**DADAN`i ZINA (30-9-19)**

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Nanatrika ny fetim-pirenena Sinoa teny Nanisàna ny Ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana sy ny filoha Marc Ravalomanana.









POLISY NASIONALY SY MONISIPALIN'NY CUA

## Mandrindra ny fifamoivoizana ho fitsinjovana ireo mpanala bakalôrea

Nandray andraikitra goavana amin'ny alalan'ny fanaovana hetsika manokana ampirindrana ny fifamoivoizana ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) nanomboka omaly Alatsinainy 30 Septambra, ka hatramin'ny Zoma 4 Oktobra 2019 izao. Ny antony dia ny mba hitsinjovana ireo mpanala fanadinam-panjakana Bakalôrea tsy ho taraiky amin'ny fitohanan'ny fifamoivoizana, ka ho afaka hanatanteraka tsara sy hahavita izany fanadinana izany am-pitoniana. Anisan'ny mitarika fitohanan'ny fifamoivoizana eto an-dRenivohitra ireo taxi-be tsy manaja ireo toerana izay efa natokana ijanonany, eo ihany koa ireo mpandeha an-tongotra izay milatsaka any anaty arabe, ka izay indrindra no antony nametrahana ireo Polisy Monisipaly eny amin'ireo "refuge" na toerana fiantsonan'ny taxi-Be sasantsasany eto an-dRenivohitra, mba hampirindra izany. Polisy Monisipaly sy Polisy Nasionaly no miaramifarimbona sy naparitaka manerana ireo "refuge" izay tena ahitana izany tsy fanajana ny toerana voatokana ijanonan'ny taxi-be izany, toy ny teny Ambohijatovo, Ankorondrano alohan'ny CODAL, Fiaro Ampefiloha alohan'ny SIPEM Andavamamba, CEG Antanimena, Rond Point Ambanidia. Ny Kaominina Antananarivo Renivohitra dia manentana hatrany ny tsirairay mba samy hanaja ny lamina izay efa napetraka, mba ho tombontsoan'ny tsirairay satria: "Antananarivo dia soa iombonan'ny Malagasy".

***Helisoa***



*Polisy Monisipaly mandrindra ny fifamoivoizana eto an-drenivohitra.*

## Sakafo Ny Valosoa

Anana sôdesina sy henakisoa indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Asiana voatabia sy tongolo. Atao ketsaketsa izany. Dia mihinàna finaritra tompoko.



## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba natoraly fanalana kankana

Misy fomba maromaro fanalana kankana ireto.
-TONGOLO GASY: antiseptika,antibiotika ary fanafody MAHERY ny tongolo gasy, ny KANKANA REHETRA dia tsy tia TONGOLO GASY, ary tsy misy parazita izay tsy matin'ny tongolo gasy. Afaka hanina tsakoina amin'izao izy rehefa maraina vao mifoha mbola tsy misakafo ary atao herinandro misesy saingy esorina ilay toy ny tsinay kely anatin'ny tongolo gasy iny. Afaka hatao suppo ihany koa izy. Ho an'ny ankizy dia TOTOINA NY TONGOLO GASY hasiny 2 ary afangaro amin'ny ronono 1/2 litatra, avela 5min ambony afo ary omena tapaky ny vera ny ankizy ary ny zokinjokiny kosa 1vera. TONGOLO BE MENA(oignion): potserina ny tongolo ary ilay ranony no ampiasaina dia sotroina 2 sotro kely isan-kerinandro. Azonao hanina amin'zao koa ny tongolo.
DILOILO COCO TSY MITAPOKA(PUR) : misotro diloilo coco 1sotro kely maraina mbola tsy misakafo ary 1sotro kely hariva alohan'ny hatory atao mandritra ny herinandro.
VOAM-BOATAVO : maka voam-boatavo iray tanana dia totoina dia atao mifangaro amin'ny ronono dia hanina. Afaka tsakoina amin"izao koa ny voam-boatavo.
KARAOTY : ny kaaroty dia atao jus ary sotroina maraina alohan'ny sakafo.
VOA PAPAY : voana papay iray tanana alaina dia totoina dia afaka afangaro rano mafana na afangaro amin'ny sakafo koa
MANANASY : hanina alohan'ny sakafo maraina ny mananasy.
TAMOTAMO : ny tamotamo dia atao vovony 1sotro kely dia iny vovony iny afangaro amin'ny rano mafana iray kaopy ary sotroina alohan'ny sakafo maraina.
SAKAMALAHO : afaka hanina amin'izao ny sakamalaho atao matetika. Ny tsara dia totoina izy dia atao dite saingy tsy asiana siramamy.
CAYENNE(sakay lava mena): totoina izy rehefa maina dia afangaro amin'ny sakafo.
JIROFO : totoina dia afangaro amin'ny rano mafana iray kopy ny girofle 1sotro kely, avela 2 min vao sotroina alohan'ny sakafo.
LAISOA : afaka atao lasary , na hanina amin'izao.
Marihina fa ireo fanafody NATORALY ireo dia tsy maninona na hanina isan'andro aza, saingy misy fepetra kosa ho an'ny olona sasany mitondra vohoka na misy tosidrà, tsara foana ny manontany dokotera.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Andranofanjava any amin'ny distrikan'Antsiranana II, faritra Diana

Ny tanànan'Andranofanjava any amin'ny distrikan'Antsiranana II, faritra Diana indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity. Somary iva toerana ihany izy, satria 215 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mpamboly ny mponina any, mpamboly vary sy katsaka.



# Prophecies and revelations to the World (GV 153),

Madagascar 16[th] september 2019

***Amos 3: 7 "Surely the Sovereign LORD does nothing without revealing His plan to His servants the Prophet".***

Son of men under the sun, from the north, the south, the east, the west, I AM the Creator, I AM the Builder, I AM the Sculpter, but I AM also the end of the world. The genese comes in a blink of an eye (***Gen 1***), and so does the destruction (cf **Genese on Noah and the destruction of Sodoma and Gomorrah**). Nowadays, I, JEHOVAH have servants like with Jeremiah, Isaiah, Joel, Amos, … I can use to deliver hidden secrets. If you hear of destruction, extinction here and there; this is just the begining of what to come but not the end, yet. ***Matthew 24:6 "You will hear of wars and rumors of wars, but see to it that you are not alarmed. Such things must happen, but the end is still to come".***

But still mankind, you seem to be so confident, to rely on your ability, on your money, on wealth you have collected, on your limited knowledges, on your physical strength, on your land inheritance, on fragile government, on human whom can easily gone, and on spirits that are not from I JEHOVAH. You trust fake wisdom, you rely on what you call imperial nations, you rely on My creations, rely on dead spirit whom souvenir is not even to remember; you expect to be blessed by dumb idols which are useless, and you even make covenants with the dead.

By what are you that cursed that you left behind you My TRUTH and My HOLINESS? How can you be so proud of what does not last? Why being so arrogant and thinking you have all and enough? I have nothing else to tell and to anounce you but ***John 3:16 "…"***; This is what every single creation on earth should receive and hold to rely on.

***II Chronicles 20: 20**[b] "believe his proohets so shall ye prosper."*, **Acts 3: 23** *"And it shall come to pass, that every soul, which will not hear that prophat, shall be destroyed from among the people"*.

Here are things that HAVE TO and HAVE TO, HAVE TO happen on earth, and some I have already announced on some of My previous messages: ***Fire, Land, Water and Air*** will unstoppably react. Who are you going to blame for their being? Who will you say the reason of their being on your country? When those creations get angry, then they destroy.

Here are things that will suddenly happen on earth and surprise the under the s un :

- Water meeting the Ocean, flooding cities, but to run where? Devastating.

- Dry wind whirling up to 3km large, provoquing Tsunami, scrying and terrifying

- The heat will affect Earth. The land will crack up to 3km with ½ km depth to provoke a very strong earthquake.

- Harsh winter and heavy snow that will slide land.

- Fire coming from nowhere burning till no end green grass and soil.

- Hail as big as ¼ kg size to destroy agriculture, crops, house roofs, and will bring unpreceedent diseases the medication for i twill not be found but in one country only on earth. Words and Instructions from I only will make that known.

- Unstopped rain like on Noah's time will transform many things on Earth.

- Wars between big nations that will enforce people to runa way to migrate to south and north but still no issue.

- Wild animals will come up to villages, cities because of all that happen on Earth.

- Scientists will be crippled and desoriented by the growing climate change for the hottest place will have hard cold and the coldest will have extreme heat. (cf GV 59, 12/08/2018).

- 3 days darkness to transform many things on Earth.

- The people will be so disoriented, crippled, and deeply depressed with what is going on; things will be confusing, over changing, sealed deals will no longer be respected, people of different religions will kill one another for they all want to be the right one and the lead, the biggest and the most seen.

> Here is what I say : "***Be you mankind ready for I am settling My Son JESUS CHRIST as the KING OF THE EARTH just like the Kingdom that is already here in Heaven for My will to be done till the end of this world. Be still for this time is coming and near.."***

I JEHOVAH say here goodbye to you, I want LOVE FOR ONE ANOTHER, FORGIVENESS, REPENTANCE, RELATION WITH THE HOLY SPIRIT. Where are you going now My time is here? Pray continually, ***I Thessalonians 5: 17.***

Amen!

JEHOVAH ETERNAL KING

Contact Info : ***033 12 461 43***

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

**FIHAONAMBEN'NY DIAKONA LOTERANA**

# Lasibatry ny halabotry ireo mpizaika

Tontosa ny herinandro teo ny hetsika ara-pinoana voalohany ho an'ny fihaonamben'ny Diakona, teo anivon'ny finoana Loterana eran'i Madagasikara. Nanomboka ny alarobia lasa teo izany ka ny alahady teo no nifarana. Hetsika ara-pinoana no notontosaina saingy tsy kely lalana hatrany ny ratsy satria dia nitaraina ho very entana toy ny lamba, finday ary vola ireo mpizaika nanatrika ity fihaonambe voalohan'ireo diakona eo anivon'ny fiangonana Loterana Malagasy ity, izay notontosaina tao amin'ny foiben'ny Sinodam-paritany Avaratr'i Mania, tao Antsenakely Antsirabe. Ankoatra ny harom-paosy izay mahalasibatra ireo finday sy ny vola any anaty kitapo, na paosy dia isany naharenesana fitarainana maro ihany koa ny fahaverezan'ireo fitafiana sy kojakoja hafa any anatin'ireo toerana ilasian'izy ireo. Efa nisy anefa ny ezaka fanarahamaso ny filaminana sy ny fandriampahaleman'ireo mpizaika manodidina ny 1200 avy amin'ny lafy valon'ny nosy, izay nanatrika ity fihaonambe nandritra ny herinnadro ity, ka isan'ny amin'izany ny firavahana "badge" mialoha ny hidirana sy mandritra ny fanatrehana ireo hetsika rehetra ao anaty zaikabe. Nomen'ireo mpikarakaraka lanja manokana ihany koa ny fahaiza-manaon'ireo skoto izay nandamina sy nanaramaso ny toerana saingy na izany aza dia tsy kely lalana ny ratsy. "Nividy "badge" toy ireo mpizaika rehetra ireo mpangarompaosy ireo raha niditra antsokosoko avy any amin'ny tamboho sy fefy avy any ambadika kosa ireo ankizy sy tovolahy sasany, ka nangalatra ny lamba sy entan'ireo mpizaika" hoy ny filazan'ny loharanom-baovao iray.

***Lezama***

facebook NY VALOSOA

## Ho avy indray ny Vary Moran'ny sasany fa ho avy ny fifidianana

**Mamonjy Ny Rina :** Ho TONGA INDRAY NY FIFIDIANANA KA DIA HIVERINA INDRY NY TSENA MORA an'ny sasany: mazava ho azy ary efa manomboka takatry ny maro ankehitriny fa isaky ny misy fifidianana dia amperinasa ny TSENA MORA ; rehefa tsy mandalo izany vanimpotoana izany kosa dia tsy tazana ary mampametram-panontaniana ny maro . Fantatra mantsy izao fa dia haverina hiasa indray izy io ato ho ato araka ny fanapahan-kevitry ny fanjakana. Lazaina ihany koa fa hanalana fahasahiranana ny vahoaka hono ary mba hampalefaka ny vidim-piainana izay miakatra ambony dia ambony ankehitriny kanefa dia tsy hitondra fidinana velively @ izany vidim-piainana izany !!! Mampametram-panontaniana ihany koa hoe fa dia iza loatra no mpanolo-tsaina ny mpitondra e? Efa manomboka tonga saina anefa ny vahoaka ka dia mety ho be ihany no ho diso kajy … Ho raisin'ny olona ihany ny vary satria adala tompo, fa rehefa tong any fifidianana dia efa fantany izay ho fidiany.

**Rndrns Andry :** ho anao aloha ry vahoaka. Vidio fa aza amidy safidy, ary aza mety fitahina koa. Fantaro tsar ny safidininao sy ny ho aviny tarakao izany.

**Joinesse Nirina :** tsy finana reny, ny any Chine mandà tsy hihinana reny Tsony dia alefany aty.

**Rakotonandrasana Nary Clarck :** io ndray ny kimoramorandreto, tsy malala menatr'io ô! Tsy ho voafidy amin'izany intsony ny vahoaka, efa fantany fa filoha tsy mahay mitondra Rajoelina sy ny forongony, ka hiova amin'izay ireo efa nifidy azy teo aloha.

**Mparany Andriamparany :** vary 1000 Ar zany aza efa tsy mora amin'ny vahoaka intsony izao, fa tena lafo aminy izany, manoloana ny fahefa-mividiny izay ambany dia ambany.

**Njakatiana Randrianantenaina Fanomezantsoa :** mazotoa manantena morrra ooo !!

**Joinesse Nirina :** shuuuuuut, na hanao Vary Moraa Izy na Hamboletra Directe, tsy olana tsony , tsiefa zay tiany ve no Atao eee, Aza mody mitapy manao saritsarim- pifidianana, fa efa FantaTRA fa ry Tsy Ampy SOLAITRA no miakatra daholo mahazo toerana ao Fitondrana, Apiakaro




Daholo NA Hanao sefon' ny GABONE.

**Seheno Razafinanja Rakotoarisoa :** vidio aloha fa efa mafy ny fiainana, fa adalan'ze hifidy, zao hita tsara ny fampanantenana nataony tsy misy tanteraka hatreto ny fampanantenan- dRajoelina.

**Fanah Rah :** tsy hita e, efa mby an-koditra ny crise koa, aleo maty rahampitso toy izay maty androany koh. Na izany aza, aza amidy amin'ireo mpitondra tsy mahavita azy tarihan'i Andry Rajoelina ireo intsony ny safidy.

**Edmond Randrianasolo :** inona avy moa no zavtr ao amzay tsena mora zany e ?

**Freddy Randriamifidy :** ny ADALA no azo ambakaina @ Zany, alaivo fa aza atakalo izany ny safidinao.

**Famonjena Baboo Rakotoarison :** raha toa ka mbola tsy tonga saina dia efa maty eritreritra raha toa ka mbola tsy fay dia mijoboa amin'ny lalindalina kokoa ary rahatoa mbola tsy mahay maka lesona dia anjaranao no mandinika lalina. Vary mora izany tsy mahavita taona, vahaolana maharitra no ilain'ny vahoaka fa tsy izany vari moran-dRajoelina sy ny forongony izany.

**Dera Rajoelina :** 1000 Ar kilao zany, tena tsy mora amin'ny vahoaka mihitsy amin'izao fotoana !

**Livaniaina Ramasiarivero :** Ih ih ih. Raikitra njay ny fandrembirembena vahoaka fa ho avy ny fifidianana. Vary mora e! trano mora e!... vonjy tavanandro fa tsy mahavita taona.

**Jean R Remie :** raiso refa misy ny fizarana fa ra misy ny fifidianana za ko misy safidy e!

ANTANIMORA ATSIMO

## Voasambotra niaraka tamin'ireo fitaovana maro fampiasany i Maka Malaso

Voasambotry ny Zandary sy ny fokonolona avy ao Antanimora Atsimo i Maka Zaramanitsy dahalo raindahiny, izay efa nokarohina hatry ny ela, tao Antanimora Atsimo, distrikan' Ambovombe faritra Androy ny faran'ny herinandro teo. Rehefa nosavaina ny kitapo teny aminy dia nahitàna ireo fitaovana fampiasany andavanandro amin'ny mahadahalo azy: fanamiana



*Ilay malaso raindahiny, saron'ny zandary sy ny fokonolona.*

zandary efa tonta; écusson JADO Amboasary; béret vert miaramila misy macaron Eau et Forêt; akanjo manokana iray voaravaka fitaratra, voatokana ho an'ny Malaso mahery vaika; fehikibo misy fitoeram-basy sy gadget misarim-basy; kiririoka (sifflet); Sikily (vatosikidy) sy karazana ody gasy ary mohara. Isaoran'ny mpitandro filaminana ireo fokonolona any an-toerana nanome tanana nahafahana nisambotra ity malaso raindahiny ity izao.

***Ny Valosoa***

Polisim-pirenena

## Manohy ny fampianarana ny lalànan'ny fifamoivoizana

Manohy mandray ny andraikiny ny polisim-pirenena, amin'ny fanabeazana ny olom-pirenena eny an-dalambe, amin'ny fampianarana ny lalànan' ny fifamoivoizana. Tsy mitsahatra manao ny asa fanabeazana ny olom-pirenena amin'ny fampiasana ny lalàna ny Polisim-pirenena. Taorian'ny fanentanana misesisesy ireo sarety sy posy ary ireo mpamily moto amin' ny fanarahan-dalàna dia niroso tamin'ny fanabeazana ireo taxi-be sy ireo mpandeha an-tongotra ary ireo mpivarotra amoron-dalana ny Polisy miasa eny anivon'ny kaomisaria miampy ny Polisy ny hery vonjy taitra. Tetsy Mahamasina sy teny Ampasampito no nanombohana ny asa : noesorina ireo mpivarotra amorondalana ahafahan'ny mpampiasa fiara mifamoivoy sy hampalalaka ny fivezivezen'ireo mpandeha an-tongotra; nampianarina handeha eny amin'ny trottoir ny mpandeha antongotra hisorohana ny loza eny amin'ny arabe. Narindra ihany koa ny fijanonan'ireo Taxibe eny amin'ny toeram-piantsonany, mba tsy hiteraka fitohanana izany. Tsy hijanona ary hitohy ny ezaka ataon'ny Polisim-pirenena ary ho voakasik'izany avokoa ny Boriborintany rehetra eto an-drenivohitra.



*Ny fanentanana nataon'ny polisim-pirenena ny herinandro teo.*

***Stefa***

Hopitaly HJRA

## Nampahafantarina ny olona ny andraikitry ny Dokotera «Anesthésiste Réanimation»

Tsy dia fantatry ny olona matetika ny Dokotera mpampatory sy mpamelon'aina na "Anésthesiste et reanimateur", fa ny Dokotera mpandidy ihany no ifantohan'ny sain'ny maro rehefa misy fandidiana atao eny amin'ny Hopitaly. Nanatanteraka fampianarana ho an'ny daholobe mikasika ny fomba ataon'ny olon-tsotra rehefa misy ny vonjy aina ny mpikambana ao amin' ny Dokotera "Anesthesiste et reanimateur" etsy amin'ny Hopitaly HJRA Ampefiloha ny herinandro teo. Fotoana iray entina nampahafantatra ny olona ny tena andraikitry ny Dokotera mpampatory sy mpamelona aina ary fotoana nanazavana ho an'ny olona ireo lalana tsy maintsy diavin'ny marary mialoha, mandritra sy aorian'ny fandidiana. Nanazava ny Dokotera Rabenjarison Franklin manampahaizana manokana amin'ny fampatoriana sy fameloman'aina, fa ny Dokotera "Anesthesiste reanimateur" no tena akaikin'ny marary voalohany rehefa misy fandidiana hatao eny amin'ny hopitaly. Nanohy nanazava ity Dokotera manam-pahaizana ity fa mijery ny toe-batan'ny marary raha afaka miatrika fandidiana, na tsia ny Dokotera Anesthesiste reanimateur". Mikarakara ny marary ao anatin'ny "Bloc Operatoire" ny Dokotera "Anesthesiste Reanimateur", alohan'ny fahatongavan'ny Dokotera mpandidy sy aorian'ny fandidiana. Marihina fa fiofanana mandritra ny 4 taona aorian'ny fahavitan'ny fianarana ho mpitsabo no fahazoana ny mari-pahaizana "Anesthesiste Reanimateur".



*Ny Hopitaly HJRA Ampefiloha.*

***Franck Razakambelo***

### Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao : tsy mora ny andraikitra amin'ny maha ben'ny tanànan'Antananarivo izany. I Lalao Ravalomanana no vehivavy voalohany teto amin'ny tantaran'i Madagasikara nisahana an'izany andraikitra lehibe maha Ben'ny tanàna izany. Tsy mora ny andraikiny fa tsy nanakana azy izany. Tsara ny manamarika fa fampandrosoana ny tanànan'Antananarivo no anton'asan'ny kaominina. Nanao izay azony atao tokoa izy, na teo aza ny tsy fisian'ny fanampiana ara-bola avy amin'ny fanjakana sy ny sakana maro samy hafa. Misaotra Neny a. Fa ny Fako moa tsy andraikitrao fa an'ny SAMVA o! Betsaka loatra ireo Vendrana tsy mahalala izany mantsy. Mankasitraka manokana ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny ekipany aho, noho ireo zava-bitany maro nandritra izay 4 taona izay, izany moa dia hita ao amin'ny facebook CUA Serasera Ofisialy avokoa, koa manainga ireo mpanakiana hijery izany. Tena nahavita i Neny!

***André Rajanonarison***
***Ampasampito, Antananarivo***

Zandarimariam-pirenena

## Tafapetraka ny vato fototra fanamboarana ny BRS Miandrivazo

Tontosa ny sabotsy teo, tao Analankininina, Ambohipihaonana, fokontany Ampanasana, kaominina sy distrikan'i Miandrivazo, faritra Menabe, manamorona ny lalam-pirenena fah-34 ao amin'ny PK 209, ny fametrahana tamin'ny fomba ofisialy ny vato fototry ny BRS na Brigade Routière Spéciale any an-toerana. Ny lanonana dia notarihin'ny jeneraly Randriamanesy André, lefitra voalohan'ny komandin'ny Zandarimariam-pirenena, natrehin'ny jeneraly "chef de zone ZRPS 3", ny solombavambahoaka sy Ben'ny tanàna voafidy tao Miandrivazo, ny kolonely Maka Diogène, komandin'ny vondron-tobim-pileovana Menabe, notronin'ny lehiben'ny Distrika sy ny kaomisera ao Miandrivazo ary olo-manankaja maro sivily sy miaramila. Nisongadina tao anatin'ny lahatenin'ny mpitarika ny lanonana, fa hiavaka ity Toby izay vao hatsangana ity, satria hametrahana "caméra de surveillance" maromaro, hisy alika mpitsongo dia ihany koa ao, sy moto tsy mataho-dalana maromaro ary ny zandary izay hiasa ao dia miisa 25 farafahakeliny. Izany no hatao dia mba hampihenana ny tahan'ny tsy fandriampahalemana amin'iny lalam-pirenena faha-34 iny sy ny manodidina izany. Velom-pisaorana amin'ny ezaka ataon'ny Zandarimaria ny mponina izay nosoloan-dramatoa Solombavambahoaka tena, ka dia nanome toky fa tsy hiraviravy tanana ary vonona ny hiara-miasa amin'ireo zandary ireo.

***Naina***



*Ny kisarin'ny tranon'ny BRS hapetraka any Miandrivazo.*

Rivera

## Mpanakanto anisan'ny malaza indrindra atsy Mayotte



*Rivera, mpanakanto Malagasy atsy amin'ny Nosy Mayotte.*

Ny mpanakanto Rivera amin' izao fotoana no mpanakanto vehivavy malagasy anisan'ny be mpankafy indrindra ao amin'ny Nosy Mayotte, resy lahatra amin' ny hirany ireo Mahorais fa mahay ny antsoina hoe gadona mougodro izy. Faliarinosy Hervine Rivera no tena anarany amin' ny kopia fa noho ny mahampanakanto azy dia nataony "Rivera" ny anaran'ny tarika izay entiny. Izy dia teraka tamin'ny 29 Septambra 1978 tao Andapa faritra Sava, any Mandritsara kosa no tena toerana fiaviany , noho izany dia samy valovotaka tao Andapa avokoa ireo ray aman-dreniny satria nitady ravinahitra tao. Misy ny resaka mandeha fa i Rivera dia mahazo ila Atsimo-Atsinanana (Sud-Est) satria izy mahay miteny Sud-Est, malagasy dia iray ihany fa izy dia Tsimihety sady mahazo ila Sihanaka. Ny taona 2003 efa nisy ny tarika antsoina hoe " Garitta Diego " no niaraka nihira taminy voalohany. Avy teo izy dia niakatra taty Antananarivo ny taona 2005. Ny taona 2006 izy no nanomboka nihira irery. Marihina fa ilay hira mitondra ny lohateny hoe "Mahatsiaro Azy " iny no tena nahafantaran'olona azy. Ilay hirany milaza hoe " L'homme Noir " no tena tiany. Rehefa natao ilay mariage lasa " L'homme Blanc " indray no hita. Manan-janaka miisa 6 mianadahy izy, ka vavy 2 ary 4 lahy , hoy ilay hira manao hoe " Zanaka Mamakely Tsy Anadahy " ary zanaka rahavavy na ranadahy dia zanaka ihany izy ireo. Betsaka ireo mpanakanto malagasy efa niara-niasa taminy toa an'i "Dedesse , Pierrot Matatana , Dat'Kotry ary i Booshirany" sady mpikambana ao amin'ny Tsimihety Girl rahateo ny tenany.

***Stefa***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny kandidà N°02 Rina Randriamasinoro eto Antananarivo Renivohitra, nanatrika ny lanonana fankasitrahana ireo mpifidy tamin'ny fifidianana solombavambahoaka, nataon'ny depiote Rastany, teny amin'ny seminera Ambohipo ny sabotsy teo.









Ny kandidà Rina Randriamasinoro N°02 eto Antananarivo Renivohitra, nanolotra fanampiana ho an'ny Topaza, mpitaiza zaza kamboty eny Ambohipotsy.







